

GAZETY
# Tantely

"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

Laharana faha-80 / 10 Febroary 2019/ 1.000Ar

www.fjkmambohitantely.org

# 2019: TAOM-PANAVAOZANA




*Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiangonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiangonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.*

>2

**EDITORIAL**
**"Fahamendrehana sy fahononan-tena"** › 3

**SLK/ ACR:**
**Malaimbandy** › 3

**SAMPANA** ›4
**ZANA-PARITRA** ›4

**KATEKOMENA**
**Andia MAHERY** ›5

**FAMBOLEN-KAZO** ›6

**IVELANY:** ›7
**FIFAMINDRAM-PITANANTANA**

**SARISARY**
**SAMIHAFA** ›8

GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » (Tit. 2 : 11a)***

**H**afatra nampitondrain'i Paoly an'i Titosy zanany ara-panahy sady misionera na mpitory ny Filazantsara tany Kreta ity tapaka andin-tSoratra Masina ity. Teny tsy afaka am-bavan'i Paoly ary miverimberina saika isaky ny Epistily nosoratany ny mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra. Eto dia tsy diso anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany ny mponina na ny Fiangonana tany Kreta. Mbola tanora dia tanora i Titosy no nirahin'i Paoly hitory ny Filazantsara tany Kreta izay fiarahamonina malaza masiaka, kamo, tia filàn'ny nofo sy fahafinaretana. Hoy ny and. 12 amin'ny toko 1 : « mpandainga mandrakariva ny Kretana, biby ratsy, kamo be tenda ». Tsinjon'ny Apostoly Paoly fa tsy mora ny nampanirahana an'i Titosy hiasa sy hijoro vavolombelona amin'izany fiarahamonina hafahafa izany, ary izay no nampaherezany azy mafy tamin'ity taratasy ity. Fa inona loatra re no nahatonga an'i Paoly nanao hoe : « Efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » raha naniraka an'i Titosy izy ?

**Ny Filazantsara dia fampahafantarana ny fahasoavan'Andriamanitra.**

Araka ny voalaza ery ambony dia ratsy fitondran-tena ny ankamaroan'ny mponina tao Kreta. Ary tsy vitan'izany fa feno fanamarinan-tena. Eo am-pahitana izany i Titosy dia mety ho azon'ny fakampanahy hitsara na hihemotra mihitsy aza amin'ny asa nanirahana azy. Mety ho azon'ny fakampanahy hieritreritra tahaka an'i Jonah mpaminany fa tsy mendrika handray ny Filazantsara ny olona tahaka izany. Notaomin'i Paoly anefa i Titosy hijery ny Kretana amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra. ity solomason'ny fahasoavan'Andriamanitra ity no tiany ho eny amin'ny mason'i Titosy ka hahitany fa ny famonjen'Andriamanitra dia tsy miankina amin'ny olombelona fa miankina amin'Andriamanitra irery ihany. Ary ny fotoana andraisan'ny olona izany famonjen'Andriamanitra izany dia tsy mbola miankina amin'ny olona ihany koa fa mbola miankina amin'Andriamanitra. Samy fiasam-pahasoavana, na ny fitoriana ny Filazantsara, na ny fandraisana ny Filazantsara. Antitranterin'ny Apostoly Paoly ny maha Mpamonjy an'i Jesoa (toko. 2 : 13). Saingy ny mampiavaka manokana ny FIlazantsara asain'i Paoly torian'i Titosy momba an'i Jesoa Mpamonjy dia Izy mpanadio. Nosy i Kresta, mahafantatra ny lanjan'ny rano ho fanadiovana. Mahafantatra rahateo ihany koa ny loto sy ny vokany. Hany ka manan-toerana tao amin'ny sivilizasiona kretana ny toe-tsaina maloto sy madio. Tsy ny maloto sy ny madio vokatry ny tsy fisasana ihany no fantatry ny Kretana, fa ny fahalotoana sy ny fahadiovana ara-panahy. Sarihan'i Paoly aza ny sain'i Titosy hijery ny Kretana sy hitaona azy hahatsiaro fa i Jesoa no tena Mpanadio, ary ao aminy irery no ahitana fanadiovana. Koa raha miteny hoe famonjena ny Apostoly Paoly dia midika ny nanadiovan'i Jesoa ny fahotan'ny olona tamin'ny rany. Hoy àry i Paoly : ***« Fa efa niseho ny fahasoavan'Andriamanitra ».*** Ny hevitr'izany dia efa tonga ny fotoana nomanin'Andriamanitra ka nanekeny hanadio maimaim-poana izay rehetra mino an'i Jesoa. Tsy ny halehiben'ny fahotana tsy akory no zava-dehibe fa ny fibebahana sy ny fanekena hodiovin'ny Tompo. Ampy hahasasa sy hanadio ny fahotan'ny olona rehetra ny ran'i Kristy raha manaiky handray azy izy. Koa ny hoe mitory ny Filazantsara dia tsy inona tsy akory fa fampahafantarana ny famonjen'Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany hanadio antsika.

**Ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho an'ny olona rehetra**

Ny fiarahamonina tamin'ny andron'ny Antikite dia fiarahamonina antanan-tohatra. Ary tsy vitan'ny hoe antanan-tohatra fa misy ambony, misy ambany, misy maloto, misy madio, sns… Fakampanahy mpahazo ny olombelona ny mifampijery amin'ny alalan'ny anjara toeran'ny tsirairay ao amin'ny fiarahamonina. Asongadin'ny Apostoly Paoly ho ao an-tsain'i Timoty ny tsy hiheverany ny Kretana ho tsy mendrika handray ny Filazantsara ary dia tsindriany fa ho an'ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. zava-baovao tamin'ny fotoan'androny izany hoe Andriamanitra mampitovy ny olona rehetra. Ny mahazatra ny Kretana dia ny olona no manatona an'Andriamanitra, fa eto kosa ny Filazantsara asain'i Paoly hotorian'i Timoty dia Andriamanitra efa nanatona ny olona tamin'ny alalan'i Jesoa ka nandrava ny efitra nampisaraka ny olona Aminy. Samy manana anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany avokoa ny sokajin'olona rehetra. Hoy i Paoly tamin'i Titosy : « Toy ny vehivavy, ny lehilahy, ny mpanompo, ny loholona, ny olona rehetra, hitantsika ao amin'ny toko. 2***. Tsy manavaka na iza na iza Andriamanitra*** satria ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa nampiditra ny olona rehetra izay mino an'i Jesoa ho Zanany. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra no ahatsapan'ny olona fa harena sy fifamenoana ny fahasamihafana ary fifamenoana. Ny fahotana no mampiasa ny fahasamihafana ho fifanoherana sy fifaninana ka miteraka fifandirana ; fa ny fahasoavana kosa dia mampifanatona ny mpino ho tena iray ihany ao anatin'ny fanajana ny samy maha izy azy ny tsirairay. Tsy mora ny fitoriana ny FIlazantsara tamin'ny mponina tao Kreto ary izay no nanafaran'i Paoly an'i Timoty handeha amin'ny fahasoavana amin'ny fijoroana vavolombelona. Izay mijro vavolombelona rehetra mantsy dia tokony hahatsiaro fa fahasoavana izany fa tsy zioga tsy akory.

**FEHINY**

Raha mijery ny vanim-potoana iainana ankehitriny isika, indrindra raha mijery ny fiainam-piarahamonina dia hita fa tena mbola toa an'i Titosy any Kreta ny Fiangonana : misedra fiarahamonina masiaka, tsy tia anatra, manamarin-tena, tia rendrarendra. Manoloana izany ny fitaovana tian'ny Tompo ho eny am-pelantanan'ny Fiangonana anefa dia ny fahasoavana. Taomin'ny Tompo ny Fiangonana hijery ny fiarahamonina amin'ny fahasoavana, ka ny antom-pisiany sahady ao amin'ny fiarahamonina dia efa fahasoavana. Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiangonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiangonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.

***Ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy***

***"Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasaoavana izay ho entina ho anareo amin'ny hisehoan'I Jesosy Kristy;" 1Pet 1:13***

Tsy misy maha isika antsika olombelona eto amin'izao fiainana mandala izao, eny ny fahavelomantsika dia nohon'ny famindram-po sy ny fahasoavana avy amin'IZY Tompo. Mazana anefa dia toa adinontsika izay antom-pahavelomantsika izany fa dia sahirana amin'ny fiainana andavanandro ny tsirairay. Maro amintsika koa anefa no efa mahatsapa sy miaina tanteraka eo amin'ny fahasoavana omen'ny Tompoa azy ireo. Anisan'ny fahasoavana omen'ny Tompo antsika ny antso ho amin'ny firaisana latabatra Aminy ka fotoana isian'ny firaisam-po tanteraka Aminy. Tokony izany isika hiezaka hanana fahamendrehana ka hahonon-tena, indrindra hanaiky ny toe-panahy mahay mandanjalanja ny tsara sy ny mety mba hanajantsika ny tena maha zanak'Andriamanitra antsika, izay efa notolorany Fitiavana.

Amin'izany ny tsirairay dia tsara raha mahatsapa ary mino ny fahasoavan'ny Tompo ka hanantanteraka amim-pitiavana sy am-pifaliana ny anatra sy ny didin'Izy Tompo.

Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahira.

***RANAIVO RASAHENOLAHY Diakona Fifandraisana***

## VOAN-TSAMPANA

### SLK / ACR

Nohon'ny fahasoavana sy ny alehiben'ny Voninahitr'Andriamanitra dia tsap sy hita fa efa mandroso tokoa ny fanamboarana ny Sekoly FJKM izay hahorintsika eto amin'ny FJKM Ambohitantely amin'ny alalan'ny SLK SY ACR. izao asa izao moa no mandroso dia nohon'ny ezaka nataontsiak tsirairay avy fa ny isaona indrindra indrindra dia Ilay Andriamanitra Mpanome antsika sy sady Tompon'ny asa rahateo. (Sary: Mbolatahina RAHARIJAONA)








## SAMPANA DORKASY

### *Dorkasy 4 trano*

2009-2019…… ***"Mazoto mitana ny firaisana avy amin'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana" (Efesiana 4:3)*** .
Tamin-kafaliana sy firaisan-kina, ary koa fihavanana no nanatanterahana ny fanompoam-pivavahana ho fiderana an'Andriamanitra noho ny ***faha 10 taona***n'ny Dorkasy 4 trano, FJKM Ambavahadimitafo, Ambohitantely, Avaratr'Andohalo, Tranovato Faravohitra, ny tolak' andron'ny Talata 22 Janoary 2019 lasa teo, izay natao teto amin'ny FJKM Ambohitantely. Ny nitarika ny fotoana tamin'izany dia ny Mpitandrina Randrianarisoa Alain avy ao amin'ny FJKM Ambavahadimitafo, ny nitondra ny hafatra sy ny fampianarana kosa dia ny Mpitandrina Ravalinomenjanahary Lala avy etsy amin'ny FJKM Tranovato Faravohitra, ary ny namintina ary koa nampahafantatra ny tantara sy ny asan' ny Dorkasy 4 trano kosa dia ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy avy eto amin'ny FJKM Ambohitantely sady mpampiantrano rahateo. Nampahafantarina tamin'io fotoana io ireo Birao hitantana amin'ny taom-piasana manaraka. Tsy nohadinoina koa anefa ny nisaotra ireo birao nitantana teo aloha. Nofaranana tamin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ny fotoana. Dia mirary ny Dorkasy 4 Trano hahefa be mandrakariva amin'ny asa izay hikelezanareo aina, ary ho tratry ny taona mitsingerina indray. Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

***Aina Rajoharison***



*Fandraisan-tanana ireo Birao taloha sy vaovao*



*Ireo Birao vaovao*

## ZANAPARITRA GALILIA

***"Sambatra izay olona manao an'i Jehovah ho tokiny" Sal 40 : 4a***

Izany teny izany no entinay Zana-Paritra Galilia miarahaba ny Mpitandrina mivady sy ny ankohonany, ary ny Fiangonana Ambohitantely manontolo noho ny nahatrarantsika ny krismasy 2018 sy ny taom-baovao 2019. Na dia aty an-tany lavitra aza izahay dia tsy adinonareo koa dia mamerina ny fisaorana sy ny fankasitrahana tamin'ny teny fiarahabana avy aminareo.
Misaotra anao Pastera amin'ny teny fampaherezana sy ny fampatsiahivana ny maha zava dehibe ny fanorolan-tena amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Izahay koa dia mahatsiaro sy mitrotro am- bavaka ny fiangonantsika sy ny firenena.
Isaoranay Andriamanitra fa tontosa soa aman-tsara ny Fihaonambe faha fito ny Zana-paritra Galilia tamin'ny asabotsy 05 janoary 2019. Pastera Landy Léa Rajoharison Andrianavelasoa no nandrindra ny fanompoam-pivavahana , Pastera Lydia Ravalitera no nitondra ny teny fiarahabana apostolika ary Pastera Jean Ravalitera no nitory teny .
Nanana ny nampiavaka azy manokana ny fotoana satria, io ny andro natokanay ZP Galilia ho fiarahabana ny pastera RAVALITERA mivady tamin'ny Nahatraran'ny faha 40 taona ny nitoriany (42 izao) , 40 taona ny mariazy ( 42 izao) Ary ny fandehanany hisotro ronono .(42 taona zany izao satria tamin'ny taona 2017-2018 no fikasana hanaovana ny fankalazana niaraka tamin'ny ZP Galilia fa tsy tanteraka nohon'ny antony fantatrareo).
Ny tolakandro dia ny fiarahana nisakafo sy ny korana nafanainy
Rija RAMANTOANINA

Nialoha ny vavaka famaranana dia nizara ny mofo mamy sy "nifanankalo fanomezana andininy ara-baiboly" (échange cadeau de versets biblique ).
Ho an' Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra
**"Ny fahasoavana sy ny famindram-pony no hanaraka anareo amin'ny andro rehetra hihainanareo" Sal.23:6a**

***Amin'ny anaran'ny birao***
***Andry RAZAKARIVONY***





# FANDRAISANA KATEKOMENA TAONA 2019

Toy ny fanao isan-taona dia mizara roa Alahady ny fandraisana ireo nanolo-tena hiray latabatra amin'ny Tompo. Andia MAHERY no anarana hisaloran'ireto Katekomena vaovao ireto. 35 mianadahy mianaka izy ireo ka toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny andro handraisana azy ireo avy:

**KATEKOMENA RAISINA NY ALAHADY 10 FEBROARY 2019 (Miïsa 19)**

***Vehivavy:***

***N° ANARANA***
***01 ANDRIAMPANARIVO Mendrika Valisoa***
***02 RABESON ANDRIANJAFINTRIMO Nirinasoa***
***03 RAJOHARISON Jenna Mendrika***
***04 RAJONSON Malalasoa***
***05 RAKOTOMALALA SOANAVALONA Holy Tiana***
***06 RANADISON Harinandrianina Kanto***
***07 RAZAFIARISOA Fandaharana Tahiana***

***Lehilahy:***

***01 ANDRIAMAZAORO Ny Aina Alinjaka***
***02 ANDRIAMIALY Avotra Sandro***
***03 ANDRIAMISEZA Rado Mahery***
***04 ANDRIAMITANTSOA Fetra Harinarivo***
***05 Ny ANDRIANINA Tantely Ulrich***
***06 RAKOTO ANDRIAMIHASOA Harena Toavina Mandresy***
***07 RAKOTONOELY ANDRIAMANJAKA Manoa***
***08 RANDRIANANDRASANA Sedera Laza Fanomezantsoa***
***09 RANDRIANOELINA Rasoanaivo Manankasintsoa***
***10 RAZAFINDRAJERY ANDRIANJAFITRIMO Jimmy Andy***
***11 RAZAFINDRAJERY RASAHENOLAHY John Oël Mario***
***12 RAZAFINDRALAMBO Andry Christian***

**KATEKOMENA RAISINA NY ALAHADY 17 FEBROARY 2019 ( Miïsa 16)**

***Vehivavy:***

***01 ANDRIAMPENOMANANA Tsiky***
***02 ANDRIANASOLO Harry Joanah***
***03 ANDRIANOMENJANAHARY Fitiavana***
***04 RAKOTOARINIA Vero Mihaingo Ny Harena***
***05 RAMINOSOA ANDRIANAMBININTSOA Njara***
***06 RAMINOARISOA Ravaka Finaritra***
***07 RANDRIAMAMONJY Ravaka Ny Aina***
***08 RANDRIAMAMONJY Sariaka Nambinintsoa***
***09 RASOARILALAO Fanomezantsoa Mariah***
***10 RATIARISON Haingo Riantsoa***
***11 RATIARISON Manohisoa Andrianirina***
***12 SEDIHARIMAMY Diariniaina Anjarasoa***

***Lehilahy:***

***01 ANDRIANASOLO Larry Johanno***
***02 RAJONSON Fenosoa Hasimboahangy Mamitiana***
***03 RAKOTOVAO ANDRIANANTENAINA Jean Luc***
***04 VONONKANDRESY Davida Voatendry***

Izahay eto amin'ny Gazety Tantely dia maniry anareo mba hahery tokoa amin'ny fanompoana ny Tompo Jesoa.

# FAMBOLEN-KAZO

***(Malalasoa RAJONSON)***

***« Mamafaza voa Ka aza mba malaina, Fa tsy fantatrao re Izay ho vanona ...»***

Izany tonon-kira ao amin'ny fihiranantsika FFPM izany ry mpianakavy ny finoana no notsongainay ato amin'ny Gazety Tantely anehoana ny asa aman-draharaha andrasana amintsika tsirairay avy. Tontosa soaman-tsara ny sabotsy 02 febroary lasa teo ny fambolen-kazo izay fanaontsika eto amin'ny fitandremana. Ireto ary misy hevitra vitsivitsy atolotr'ireo izay sendra nifanena taminay namboly hazo.



**Orima RAKOTONAVALONA, 10 taona;**

« Amiko zava-dehibe tokoa ny hetsika fambolen-kazo satria entina hanavotana ny firenena izany. Na dia mbola kely aza aho dia efa mibahana ato an-tsaiko ny hanavotra an'i Madagasikara amin'ny fomba izay azoko atao. Ny hafatra ho an'ireo ankizy ohatra ny tenako sy ireo tanora, manentana antsika rehetra mba hanamaro isa anay amin'ny hetsika fambolen-kazo fa sady manavotra an'i Madagasikara isika no mitondra fahafinaretana ho antsika izany. Misy « ambiance » be any na dia mahita kankana mampatahotra aza hihihi... ».





**Valisoa, 12 Taona;**

« Fambolen-kazo ny fiangonana androany ary nanantontosa izany izahay. Nahatsiaro fifaliana aho tamin'izany satria afaka niaraka sy nikorana tamin'ny fianakaviana sy ny Fiangonana fa koa nijery zava-maitso manodidina sy ny hazo efa voavoly taloha. Ny mampalahelo anefa dia vitsy izahay tanora fa olon-dehibe avokoa no ankamaroany. Noho izany, manentana antsika tanora hanao izany adidy lehibe sy masina izany amin'ny taona ho avy satria anisan'ny fanantaterahana ny hjrak'Andriamanitra hanjaka sy hikolokolo ny zava-boahary izany »




**Mandresy;**

Ilaina dia ilaina tokoa ny fambolena hazo . Porofo mivaingana amin'ny fitiavana ny tanindrazana ary soa lehibe izy io . Ny hazo dia zava-boahary misintona ny orana ary manadio ny rivotra iainana. Noho izany dia manentana antsika rehetra tsy anapaka ny hazo fa hamboly azy satria zava-dehibe amintsika izany . Sady fialamboly no soa ho an' ny firenena koa satria efa mihavitsy ny hazo ankehitriny.



***Andraikitra telo lehibe no ho sahanin' ny Mpitandrina IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi satria dia sady Filohan'ny FJKM izy no sady Filohan'ny FFPM, ary koa Filohan'ny FFKM***

## F.F.K.M: Fifamindram-pitantanana

Tontosa ny Alahady 20 janoary teo teny amin'ny EKAR Andohalo ny fifamindram-pitantanana teo amin'ny Mgr RANARIVELO Samoela Jaona, Filohan'ny Eglizy Episkopaly Malagasy (EEM) sy **Atoa IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi Mpitandrina**, Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM) izay voatendry indray hitantana ny "Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara" na ny FFKM amin'ity taona ity. Ny F.F.K.M. izay hikambanan'ny EKAR, ny E.E.M, ny FLM ary ny FJKM. Ny Mgr RAZANAKOLONA Marie Arsène (Katolika) no nitarika ny fotoana, Ny Mgr RANARIVELO Samoela Jaona (Anglikanina) no namaky ny Teny, ny Pastora Dr RAKOTONIRINA Davida (Loterana) no nanao nyranom-bavaka ary Atoa IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi Mpitandrina (FJKM) no nitory Teny.
Tamin'io fotoana io dia nahatsapa ny rehetra fa tena ao amin'izy efatra mirahalahy ny finiavana sy ny fanantanterahina ny mba hahairay ihany antsika Kristianina. Notsindrian'Atoa IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi Mpitandrina manokana taminny toriteny moa fa eo amin'ny lafiny fanabeazana any amin'ny Faritra no anisany hanombohana izany. Anisan'ireo olona nanotrona io fotoan-dehibe io moa Atoa NTSAY Christian izay Praiminisitra.

Ny hafatra notanterahina tamin'io fotoana io dia ny hoe ***"Ny Ara-drariny mihitsy no harahinareo"*** (Deo 16:18-20 DIEM)

***RANAIVO RASAHENOLAHY Diakona Fifandraisana***

## F.F.P.M: Fifamindrana Andraikitra

Tontosa ny Tolak'andron'ny Alahady faha 6 ny volana Janoary 2019 lasa teo, tetsy amin ny fiangonana FJKM Atsimon'Imahamasina ny fifamindrana andraikitra teo amin'ny filoha teo aloha , ny Pastora Rakotonirina Davida (FLM) sy ny filoha hitantana mandritry ny herintaona manaraka ,dia **Atoa IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi Mpitandrina** izay sady filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (F.J.K.M.). Somary niavaka ny fotoana tamin'ity indray mitoraka ity satria dia sambany no natao ampahibemaso ary koa natao tao anaty trano fiangonana ka azon'ny mpianankavin'ny finoana natrenina sy notronina. Ny nitarika ny fotoana dia ny Pastora Rakotonirina Davida , ny nitondra ny hafatra sy ny fampianarana kosa dia ny Mpitandrina Irako Ammi Andrimahazosoa.Nisaorana sy nankasitrahana ireo nandrafitra ny birao teo aloha, ary dia noraisin-tanana koa ireo birao vaovao,, anisan izany ny Tonia. Dia mirary soa sy Fahombiazana ary fitahiana ho an' ny filoha vaovao, amin'ny asa sy andraikitra mankadiry miandry azy, ho voninahitr'Andriamanitra.

***RAJOHARISON Aina***



*Sasa-kalina niarahana tamin'ny Feo Tantely*



*Fandraisan-tànana ireo Zokiolona 70-80 taona*



*Santionan'ireo mpamboly hazo mahafinaritra*



*Dorkasy 4 TRANO*



*Fisindan'ny Katekomena Andia Mahery*



*Fandroson'ny asa any Malaimbandy*